AMBOHIJANAHARY 4

# JENERALY NOTAFIHIN'NY JIOLAHY TELO NIRONGO FIADIANA

MARINA IZANY ! 7

## MAMPIVARAHONTSANA !

CHAN 2022 2

## TSY MAHAZO MANOHY INTSONY I MAROC

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7473 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 18 janoary 2023

Fantina 4

## IREO FOMBA HIAROVANA NY FAHASALAMANA MANDRITRA NY FAHAVARATRA

TANORA MASINA ITAOSY


2

## HAMARANA NY FANKALAZANA NY FAHA-30 TAONA

RAHARAHAM-PIRENENA 7

# FANAMBOARANA NY GOVERNEMANTA MANOMBOKA NY FAKAN-KEVITRA

TGV BORIBORINTANY ENINA


3

## MIJABAKA AMIN'NY RAHARAHAM-PANJAKANA NY FIKAMBANAM-PIVAVAHANA

LYCÉE NANISANA ANTANANARIVO 3




# MITOKONA NY MPAMPIANATRA MITAKY NY "VACATION" TSY AZO

MIDI FLASH Hivoaka manomboka anio

Telma
AVEC MES POTES
ET MA FAMILLE,
JE PAPOTE À MINI PRIX !

NOUVEAU
M'Ora TEAM
60 Min SMS Mo
vers tes 3 numéros FAF
1 000 Ar TTC Tape le #322*26#
Utilisable à toute heure
G CL 397/26-15

CHAN 2022

# Tsy mahazo manohy ny fifaninanana intsony i Maroc

Misinda ny ahiahin'ny mpanaraka baolina kitra, izay mbola misy mihevitra fa afaka mihaona amin'ny Barea de Madagascar ny Lion'i Atlas, raha vao migadona any amin'ny kianjan'i Chahid Hamlaoui-n'i Constatine (Algerie) amin'ny alakamisy 19 janoary 2023, hanaovana ny lalao faharoa ao anatin'ny vondrona C misy antsika. Araka ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Kaonfederasiona Afrikanina amin'ny Baolina kitra anefa dia tsy mahazo manohy ny lalao fifanintsanana ao anatin'ny vondrona misy antsika intsony ny ekipampirenen'i Maroc, izay tokony nifandona tamin'ny Sodaney tamin'ny alahady hariva teo. Noho izany dia ny ekipa telo sisa no miady laharana amin'ny toerana anankiroa, hiakarana amin'ny dingan' ny lalao ampahefa-dàlana, izay hanomboka amin'ny sabotsy 28 janoary 2022. Efa azo veroka aloha ny hiakaran'ny Barea de Madagascar amin'izany dingana manaraka izany, raha toa ka resin'i Soudan i Ghana na misaraka ady sahala fotsiny ny ekipa roa tonta. Taorian' ny nandresen'ny Malagasy ny Ganeanina, dia niporitsaka ny vola tany ampaosin'ny federasionina ka nahazo 30 tapitrisa Ariary ny Barea de Madagascar. Ho fanomezana risi-po ny mpilalao sy ny tekinisianina, dia voalaza fa hisy hatrany ny tambin-karama omena ny ekipa, isaky ny mahazo fandresena, ary hampitomboina rehefa miatrika dingana ambony. Zava-dehibe eo amin'ny fanomanana ny toe-tsaina ny tahaka izany fa ny fanatanterahana azy no sisa.

***Fandaharan-dalao anio***

7 ora : Repoblika Demokratika-n'i Congo # Côte d'Ivoire (B)

10 ora : Senegal # Ouganda (B)

**aris rafaly**

Rim-Ka

# Hanolotra seho tokana etsy amin'ny Le Glacier

Mandalo eto Antananarivo i Rim-Ka amin'izao fotoana izao. Hanolotra fampisehoana tokana etsy amin'ny Le Glacier Analakely izy ny zoma izao hanomboka amin'ny 9 ora alina. Ao amin'io toerana io ihany koa no ahafahana mampiseho ny talenta. « Very jery », « Tsy maha tokana », anisan'ny hira nahafantarana an'i Rim-Ka ireo. Hira mampientanentana sady mitondra hafatra ary anisan'ny nampalaza azy ihany koa. Mbola maro anefa ny hiran'i Rim ka ka ho an'ireo izay mbola tsy



**Hifampiarahaba tratry ny taona amin'ny mpankafy ao amin'ny le Glacier i Rim-Ka.**

naheno na tsy mahafantatra dia manome fotoana ho azy ireo sy ny mpankafy.

Mandritra ity fotoana ity ihany koa no hifampiarahabany tratry ny taona voavao 2023 ary hitondrany zava-baovao ihany koa. Io kaonseritra io no ahafahana manamarina ny tsara rehetra manodidina azy sy ny kanto ataony eo amin'ity mozika ity. Efa maro ireo mpanakanto malaza nandalo tao amin'ny Le Glacier. Misy ihany koa ireo vao misondrotra saingy rehefa tian'ny mpanjifa ny hirany ka lasa manana ny maha-izy azy izy ireo amin'izao fotoana izao.

**Tiaray R**

Boky fianarana mikabary

# Misy manao piraty any anaty tambajotran-tserasera

Isan'ny olana goavana sedrain'ny mpikabary ankehitriny ny fisian'ireo manao piraty ny kabary noraiketin' izy ireo tanaty boky. Nandany ron-doha ny mpikabary nanao ireny boky ireny, lafo ny akora ary tsy mahaloa ny sarany ny vidiny, kanefa noho ny fitiavana dia natonta ny boky. Ataon'ireo mpanao piraty dika mitovy amin'ny "fichier PDF" anefa ny boky soratan'ireo mpikabary ary amidin'izy ireo varo-boba any anaty tambajotran-tserasera. Tsy mazoto mamonjy sekoly fianarana mikabary vokatr'izany ireo mba liana te hianatra, fa variana manjifa ny piraty mora. Misy fiantraikany ratsy amin'ireo mpampianatra mikabary izany, mampiraviravy tanana azy ireo, satria lany vola amankarena sy ron-doha kanefa ny sasany mitavana fotsiny, hoy ny fitarainan'Atao



**Atoa Manampisoatoavina Mitahiry Fahendrena, filohan' ny fikambanana "Ny Ampinga".**

Manampisoatoavina Mitahiry Fahendrena, Filohan'ny fikambanana mampianatra mikabary "Ny Ampinga".

**Soatoavina sy kolontsaina**

Ankoatra izay, tsikaritra ihany koa fa somary mirona any amin'ny fanaovana hatsikana sy fanentanana ireo mpikabary sasany ka mitady ho hadino ny soatoavina sy ny kolontsaina tokony hampitaina amin'ny kabary, hoy hatrany ny filohan'ny fikambanana "Ny Ampinga". "*Ilaina ny hatsikana sy ny fanentantanana, sns fa natao hanaingoana ny kabary ihany ireny*", araka ny fanazavany. Na eo aza izany karazan'olana sedrain'ny mpikabary izany dia mbola miezaka mampita sy manitatra ny fahalalany hatrany ireo mpampianatra mivondrona ao amin'ny fikambanana "Ny Ampinga", hoy ny filohany. Mpampianatra mikabary 28 amin' ireo 40 ao amin'ity fikambanana "Ny Ampinga" ity no fantatra fa nahazo mariboninahitra nandritra ny androm-pirenena ho an'ny kabary ny faran'ny herinandro.

**Niry R.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Raha misy toetra tiako hovana amin'ny olona iray dia tsy avy amin'ny lalàna enti-manafay, fa izaho aloha no mampihatra, maneho toetra feno fandeferana, fahendrena tena raitra sy fomba fiady maty paika. »

Ny Vetso (26.02.14)

(«Vous devez être le changement que vous voulez voir dans ce monde.»)

(«Lorsque l'on veut changer les mœurs et les manières, il ne faut pas changer par les lois.»)

Tanora Masina Itaosy

# Hamarana ny fankalazana ny tsingerin-taona faha-30

Manolotra hetsika ngeza be voalohany indrindra amin'ity taona ity ny antokom-pihira Tanora Masina Itaosy ny alahady 5 febroary izao, ao amin'ny Palais des Sports Mahamasina. Famaranana ny fankalazàna ny faha-30 taonan'ny tarika moa amin' io fotoana io ka dia mampanantena zavatra miavaka sy tsara ho an'ny rehetra izy ireo amin'izany. Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fotoana. Hiantsa hira 30 mandritra ny adiny 4 izy ireo mandritra izany fampisehoana izany. Hisy koa mpanakanto hafa nasain'izy ireo ho avy eo ary hisy ny vahiny tsy ampoizina. Hivoaka amin'io fotoana io koa ny "Album Vidéo (DVD) spécial 30ème anniversaire" an'ny tarika. Raha tsiahivina moa dia entina mamita an' ilay fiangonana any Manga-



**Haharitra ora 4 ny fampisehoana etsy Mahamasina.**

mila ny vola azo amin'ity fampisehoana ity. Nandritra ny fanokafana ny fankalazana mantsy no niainga ny asa fanamboarana izany fiangonana izany, ka dia efa miroso amin'ny famitana izany amin'izao. Azo jifaina any amin'ireo mpikambana ny tapakila tsotra fa ny famandrihan-toerana sy ny VIP kosa dia eo anoloan'ny Select Hotel Analakely (ampitan'ny Tahala Rarihasina) irery ihany no ahafahana manjifa izany. Mivoaka manomboka anio moa izany tapakila izany.

**Tanya.R**

BANKY FOIBEN'I MADAGASIKARA

**COMMUNIQUE**

Les attributions de Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) sont limitativement énumérées par ses Statuts. Elle agit, notamment, en qualité de banquier de l'Etat et est également la banque des banques.

A cet effet, l'octroi de crédit aux particuliers ne figure pas parmi les activités de BFM.

En conséquence, toute personne ou entité proposant des services de crédit et qui prétend agir au nom et pour le compte de BFM, est manifestement en infraction avec la législation en vigueur et est passible de poursuites.

BFM décline toute responsabilité quant à de tels agissements et se réserve le droit de saisir les Autorités judiciaires compétentes.

**FILAZANA**

Araka ny sata mifehy azy, ny Banky Foiben'i Madagasikara dia bankin'ny Fanjakana sy an'ireo banky irery ihany.

Noho izany, BFM dia tsy mampindrana vola ny olon-tsotra.

Izay milaza afaka mampindram-bola amin'ny anaran'ny BFM dia tsy manara-dalàna ka azony enjehina araka ny lalàna.

Tsy tompon'andraikitra manoloana izay vokatra mety haterak'izany fisolokiana izany ny BFM.

G-CL 404/1-1

Lisea Nanisana

# Mitokona ny mpampianatra, mitaky ny "vacation" tsy azo

Miato ny fampianarana ao amin'ny lisea Nanisana nanomboka omaly. Miato ny fampianarana ary tsy nisy mpianatra nianatra mihitsy nandritra ny tontolo andron'ny talata teo. Misy peta-drindrina mipetaka eo amin'ny tambohon'ity toeram-pianarana ity milaza hoe "filazana maika. Tsy miverina ny fampianarana raha tsy voaray ny "vacation 202-2021-2022". Ny mpampianatra sy ny mpandraharaha eto amin'ny Lisea Nanisana". Tamin'ny fotoana nandalovanay teny antoerana dia nilaza ny mpiambina eo amin'ny vavahadin'ity Lisea Nanisana ity fa mbola mivory ao ny mpampianatra rehetra ka tsy azo idirana ny ao anatin'ny faritry ny sekoly. Tsy mbola nalefa nody aloha ny mpianatra tamin'izay fotoana izay fa mbola samy tany anatin'ny efitrano fianarana avokoa. Manoloana an'ity fiatoan'ny fampianarana ity dia maro ny fanehoankevitra nataon'ny olona tamin'ny tambajotran-tserasera nilaza hoe: *"fa ilay asa handraisana "vacation" ity ve "réquisition" e ? Aza manao intsony amin'ny manaraka rehefa atao resaka fandrebirebena. Izay hifanarahandry zareo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny Ministeran'ny Fanabeazampirenena ao"*. Ho an'ny ray aman-drenin'ny mpianatra indray dia mangataka izy ireo mba tsy hatao sorona ny mpianatra fa tokony hifanatona ny samy olondehibe dia tadiavina izay marimaritra iraisana. Nody avokoa moa ny mpianatra rehefa tsy nisy mpampianatra nandray azy ireo tao am-pianarana.

**Heriniaina A.**

Ady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro

# Nahazoana famatsiam-bola 23 tapitrisa Dôlara




**Tonga nanatrika ny lanonana fanaovan-tsonia ny Minisitry ny rano sy ny fidiovana ary ny fanadiovana sy ny sekretera mpanatanteraka eo anivon'ny CPGU.**

Nahazo fanohanana ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro. Nosoniavin'ny minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, Rindra Hasimbelo Rabarinirinason, niaraka tamin'ny solontena maharitry ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana, na ny BAD, Adam Amoumoun, omaly teny Antaninarenina ny fifanarahana famatsiam-bola roa mitentina 22,723 tapitrisa Dôlara (eo amin'ny 99 miliara Ariary). Ny fifanarahana voalohany dia natao hampiroboroboana ny fahafahana miatrika sy mamaly ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fitantanana ny tandindondoza sy ny fahaiza-miaina miaraka amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Nitondra famatsiam-bola natao fanomezana mitentina 4,7 tapitrisa Dôlara tamin'ity fifanarahana voalohany ity ny BAD, ary famatsim-bola fanomezana 5, 875 tapitrisa Dôlara sy fampindramambola 7, 111 tapitrisa Dôlara avy amin'ny FAT (Facilité Africaine pour la Transition). Mitentina 1, 547 tapitrisa Dôlara ny anjaran'ny fanjakana malagasy ao anatin'ity famatsiam-bola ity. Nahazoana famatsiam-bola 3, 4 tapitrisa Dôlara ny fifanarahana faharoa, izay natao hanamafisana ny fahafafahan' ny mponina sy ny tontolo manodidina azy miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'ny alalan' ny fanetsehana sy ny fiarovana ary ny fanomezana lanja ireo loharano.

**R. Muray**

Ambatomanjaka - "Fondation Orange"

# Manohana hatrany ny seha-panabeazana sy fahasalamana

Manome lanja ny sehatry ny fanabeazana sy ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza ny "Fondation Orange". Efa tamin'ny 2014 no notohanan'ny "Fondation Orange" manokana ny tanànan' Ambatomanjaka. Mitohy izany ka notokanana ny faran'ny herinandro lasa teo ny toerana fandraisana antanana ireo zaza tsy tonga volana na foibe Maman kangourou" izay napetraka ao amin'ny CSB II Ambatomanjaka, ary vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny fikambanana "compassion Madagascar". Tanjon'izany toerana izany ny hahafahan'ireo zaza vao teraka na ireo tsy tonga volana misedra olana amin'ny tsy fahampian'ny lanja. Sady mora kokoa ny vola lany amin'ny fampiasana ity fomba "maman kangourou" ity no natoraly ary azon'ny rehetra atao fa tsy voatery ho ilay renim-pianakaviana ihany. Nampiofana mikasika ny fomba fanaovana ity "maman kangourou" ity ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana ary nanolotra fitaovana hampiasain'ny ray aman-dreny andraisana ireo zaza vao teraka ihany koa ny "Fondation orange". Tsy nijanona tamin'izany fa nohavaoziny tanteraka ihany koa ny toerana voatokana handraisana ireo mpanaraka marary ary nasiana jiro mandeha amin'ny masoandro telo izany.
Nofidina hisitraka ny programa sekoly nomerika ihany koa ny CEG Ambatomanjaka. Nahazo fitaovana hampiasaina amin'izany ireo mpianatra 520 ka anisan' izany ny tablette, serveur, solosaina entin-tanana, sy ny maro hafa. Nisy ihany koa fanavaozana ny trano namboarin'ny "Fondation orange" tamin'ny 2014. Toraka izay ihany koa ireo toeram-pantsakana 17 mba hahafahan'ny olona misitraka rano fisotro madio. Nanome tanana tamin'ny fandokoana ireo fotodrafitrasa ny mponin'Ambatomanjaka tamin'ny alalan'ny tanamaro.

**Nath**

Faritra Atsimo Atsinanana

# Marefo taorian'ny fandalovan'ireo rivodoza

Nisy fanadihadiana notarihin'ny BNGRC ary notohanan'ny UNICEF sy ny PAM tany amin'ny faritra Atsimo Atsinanana ny volana jona taona 2022. Mikasika ny tsifanjariantsakafo mahazo ny zaza, indrindra fa taorian'ny rivodoza roa, izany. Tamin'ny ankapobeny, nahatratra 6,1 isanjato ny tahan'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika mahazo ny zaza latsaky ny 59 volana hita. Ahiana ny ho avin'ireo distrika 7 amin'ireo 11. Azo leferina kosa ny ambiny. Ireo zaza monina any amin'ny distrikan'Ikongo no tena iharan'izay tsifanjariantsakafo mahery vaika izay. Ny ankamaroan'ireo distrika any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana dia ratsy avokoa ary mila fandraisana andraikitra faran'izay haingana. Ho an'ny distrikan'i Midongy, Vangaindrano, Manakara, Vondrozo , Nosy Varika, dia manaitra ny zavamisy, satria be ireo zaza tsy ampy lanja eo am-piterahana ary tafakatra 39,3% izany any amin'ny distrikan'Ifanadiana. Na efa miaka-bokatra aza dia hita fa ny 20 isanjaton'ny tokantrano any Atsimo Atsinanana no mahantra. Manodidina ny 67 000 ireo voasokajy ho miaina ao anaty hamehana, ka ny 15 isanjato amin'ireo any Mananjary ary 5% any Manakara. Mponina 638 000 kosa no miaina ao anaty krizy ary mila fandraisana andraikitra faran'izay haingana. Misy zaza latsaky ny 5 taona roa amin'ny 10 000 isan'andro maty any amin'io faritra io ary ny ditsrikan'i Vohipeno no anisan'ny manana ambony indrindra amin'izany taham-pahafatesana izany. Ny any Ikongo kosa no ambany indrindra.

**Nath**

Antoko TGV - Boriborintany enina

# Mijabaka amin'ny raharaham-panjakana ny fikambanam-pivavahana



Niteraka resabe teto amin'ny firenena ny toritenin'ny mpitandrina Zaka Andriamampianina teny Antsonjombe ny alahady lasa teo. Noho iny zava-nisy iny dia nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ny mpitarika ny antoko TGV isaky ny boriborintany enina eto Antananarivo, omaly teny amin' ny Motel Anosy. *"Araka ny lalam-panorenana ao amin' ny savaranonando dia voalaza fa ny vahoaka malagasy no masi-mandidy mametraka ny finoany an' Andriamanitra Andriananahary. Mijabaka amin'ny raharaham-panjakana ny fikambanam-pivavahana. Malalaka ny finoana ao amin'ny lalam-panorenena fa mazava ihany koa ny voalaza ao amin'izany fa ny Repoblikan'i Madagasikara no anarana entin'ny fanjakana. Ny Repoblikanina dia tsy misy fanjakana toy ny tamin'ny faha mpanjaka intsony, ny tamin'ny faha mpanjaka dia ny mpanjaka no nitondra izay antsoina hoe "monarchie", ary nisy ny Andriana, ny Hova, ny Andevo. Ny eo amin'ny fitondrana Repoblikanina dia tsy misy ny Andriana, na Hova na Andevo fa iray ihany ny Malagasy rehetra. Mazava ny nambaran'ny lalampanorenana ao amin'ny andininy faharoa fa ny fanjakana dia manamafy ny tsy fombany ny atsy sy aroa eo anatrehan'ny finoana samy hafa"*, hoy ny Solombambahoaka Naivo Raholdina, filohan'ny TGV-n'ny Boribrontany fahadimy. Efa maro moa ireo tompon'andraikitra voafidimbahoaka sy notendrena, eny fa na ny mpanohitra ihany koa aza, efa samy naneho ny heviny mikasika an'iny toritenin'ny mpitandrina teny Antsonjombe iny.

**Heriniana A.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-10)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-13)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, TV, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-13)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-10)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-10)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-12)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (GBA 443/3-3)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 437/4-2)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plombier, réparation Makiplast. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 442/6-6)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-2)

Ambohijanahary

# Jeneraly notafihin'ny jiolahy telo nirongo fiadiana

Nisy nanafika ny tranon'ny jeneraly iray efa misotro ronono tetsy Ambohijanahary Antehiroka, omaly vao maraina be tokony tamin'ny 1 ora sy 45 minitra tany ho any. Naratra mafy ity manamboninahitra ambony eo anivon'ny foloalindahy ity. Vaky teo amin'ny lohany noho ny kapoka nataon'ireo jiolahy. Voaroba ihany koa ny entana sarobidy tao an-trano ary anisan'ny lasan' ireo tsy mataho-tody ireo ny finday sy solosaina entintanana « laptop » marika « Samsung ». Telo lahy tsy nisaron-tava no niditra tao amin'io tokantrano io. Nirongo fitaovam-piadiana izy ireo ary nitondra « torches » sy barre à mine. Niditra an-keriny izy ireo nandritra izany ary naka izay zavatra tao? sady nakorontany ny efitrano. Araka ny loharanom-baovao dia niezaka nanohitra an' ireo olon-dratsy ireo, niaro ny ankohonany, ilay jeneraly ka izany no nahatonga azy ho naratra. Efa nahazo fitsaboana ao amin'ny "OSTIE" Ambohimanarina moa izy ary tsy misy ahiana ny aminy. Taorian'ity fanafihana mitam-piadiana ity dia tonga teny an-toerana ny zandary notarihin'ny komandin'ny vondrontobimparitra Ambohidratrimo. Mandeha ny fikarohana an' ireo jiolahy. Marihina fa manambonahitra ambony avy ao amin'ny andiany fahadimy Akademia Miaramila ilay voatafika. Izy ihany koa dia voalaza fa mpanolotsaina teknikan'ny Praiminisitra Camille Vital tamin'ny fotoanandrony. **Ariel D.**

Amboasary Atsimo

# Enin-dahy nirongo basy nanafika magazay

Nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana tany amin' ny fokontany antsoina hoe Tanambe, any amin'ny distrikan'Amboasary atsimo, ny alin'ny alatsinainy hifoha talata teo tokony ho tamin' ny 12 ora. Magazay iray mivarotra kojakoka momba ny bisikleta no notafihin'ny jiolahy enina nitondra basy vita gasy tamin'io alina io ka entana maro mahakasika izany no lasan'izy ireo. Nandritra ny fotoana nanaovany ny asa ratsiny no nisy olona teo akaiky teo nahita ny zava-nitranga ka tsy niandry ela fa tonga dia nampandre ny polisy. Ireo jiolahy efa nandositra no hitan'ireo mpitandro filaminana tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo teny an-toerana ka dia raikitra ny fifanenjehana teo amin'ny roa tonta.

**Tratra avokoa**

Tra-tehaka teo amin'ny toerana antsoina hoe Bevala Galois ny dimy lahy anisan' ny nandray anjara tamin'ity asan-jiolahy ity. Nisy lehilahy iray naman-dry zalahy tafatsoaka tamin'io fotoana io. Nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo taorian'ny fisamborana. Nisy ny famotorana natao an-dry zalahy ka nanoro ny toerana mety hahitana io namany io izy ireo nandritra izany. Nandeha nidina tany amin'ilay fokontany voalaza fa ahitana azy ny polisy ka dia tratra tao Ankamena io lehilahy io. Notanana tao avokoa izy enin-dahy mialoha ny hiakaran'ny raharaha any amin'ny fitsarana. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Mahabo

# Olona 3 nataon'ireo mpanafika takalon'aina

Nirefodrefotra ny basy nandritra ny fanafihan-dahalo niseho tany amin'ny fokontany Tsarahonena, any amin' ny distrikan'i Mahabo, omaly vao maraina tokony ho tamin'ny 2 ora. Andiandahalo nirongo basy no tonga nanafika tany amin'ity tanàna ity. Tonga dia namantana tany amin'ireo toerana telo fitobian'ny omby tao antanàna ry zalahy vantany vao tonga. Ankona ny iray tanàna raha nandre ny fahatongavan'ireo dahalo izay sady nanapoapoaka basy ka tsy sahy nivoaka ireo fokonolona nanoloana izany. Omby 27 no lasan' ireo mpanafika tamin'io fotoana io dia lasa izy ireo nandeha. Rehefa teny andalana dia nifanena tamin' ny tovolahy avy namonjy lanonana ireo dahalo ka ny telo tamin'ireo tanora ireo no nentin'izy ireo an-keriny mba hisava lalana azy ireo mandra-piampitan'ny omby tamin'ny rano. Rehefa izay dia navotsotr'ireo olondratsy ireo tovolahy telo ireo. Nanao ny fanarahandia ny fokonolona taorian' izay ary efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana tany antoerana ka efa nandray ny andraikiny. Mitohy ny fanarahan-dia sy fikarohana.

**T.H**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces."

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Fantina

# Fomba hiarovana ny fahasalamana mandritra ny fotoam-pahavaratra

Ao anatin'ny fotoam-pahavaratra isika izao ary tsy tapaka orana ny faritra rehetra. Tsara ny ranon'orana satria ilaina izy ireny amin'ny fambolena sy ny tontolo iainana saingy mety hisy fiantraikany amin'ny fahasalamana ihany koa izy ireny rehefa miakatra ny rano, indrindra ho any eny amin'ny toerana iva. Noho izany dia ireto misy fomba tsotra kanefa azo atao mba hiarovana tena sy ny fahasalamana amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

Voalohany, rehefa matory amin'ny alina dia tsara hatrany raha mametaka lay. Izany hoe lay tsy misy rovitra ary lay azo ampiasaina fa tsy ilay efa tonta ireny akory. Fotoana fiakaran'ny rano mantsy izao ka lasa manorim-ponenana any an-trano ny moka. Eo no ilaina lay mba hisorohana amin'ny aretina.

Manaraka izany, raha azo atao dia aleo tsy manao lenan'ny orana loatra rehefa sendra mba mandeha antongotra, indrindra fa ny ankizy. Raha tsy afa-manoatra ka tsy maintsy hivoaka ny trano dia aza hadinoina ny elo na ny aro orana « imperméable », hoy ny isika. Mety tsy hahatomombana tsara ny taovam-pisefoana raha lena ny vatana ka atahorana hitondra aretina .

Fahatelo manaraka izany dia fadio ny milona amin'ny rano maloto, indrindra ireny lakandrano maloto ireny . Tandremo ihany koa ny lavaka, satria ahiana hisy zavamaranitra ka handratra. Ny ratra vokatry ny vy efa harafesina mantsy mety hahavoa ny aretina « tétanos ». Ny lakandrano rahateo dia misy loto tsy azo pesipesenina.

Farany dia sasao matetika ny legioma satria tsy fantara ny toerana niangan'izy ireny sy ny fomba nitaterana azy.


**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 890 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


*Nahandro*

## Biscuits à la cuillère

Zavatra ilaina: atody 6, siramamy vovony 200g, lafarinina75g, sucre glace, dobera. Fikarakarana azy: Hafanaina mialoha ny lafaoro (180 C). Sarahina amin'ny lovia samy hafa ny tapotsin'atody sy ny tamenany. Kapohina hiakatra tsara ny tapotsin'atody dia arotsaka ao ny antsasaky ny siramamy. Kapohina ihany koa ny tamenany, dia arotsaka ny siramamy sisa. Atambatra avy eo ny atody rehetra dia arotsaka tsikelikely ny lafarinina. Alaina ny lasitra dia hosorana dobera. Atao manana endrika lavalava ny paty. Rarahana "sucre glace" eo amboniny rehefa vita avokoa ny paty. Alefa anaty lafaoro mandritra ny 10mn eo. Esorina rehefa masaka.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Patizônina**




## Hatsikana an-tsary

**Vao sy tonta**




## Masoandro Miposaka

**Salamo 33 : 4-5**


**"4 Fa mahitsy ny tenin'i Jehovah, ary ny asany rehetra dia mahatoky avokoa.**
**5 Tia fahamarinana sy rariny Izy; henika ny famindrampon'i Jehovah ny tany."**

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza mila lolotr' amalona amin-kavana.**

Ne cherchez pas à découvrir les fautes de vos amis.

*Lolotr'amalona signifie les détours d'une anguille.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2854

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 9 | 2 | | | | 8 | 3 |
| | | 4 | | | 6 | | | 1 |
| | | | | | 4 | 9 | | |
| | 6 | | | | | | | |
| | 8 | 5 | | | | | | 7 |
| | | | | | 9 | | | 6 |
| | | | 8 | 7 | | | | |
| | | 1 | | | | | 3 | |
| 3 | | | | | | 5 | 2 | |

Valin'ny laharana 2853

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 3 | 5 | 1 | 2 | 4 | 6 | 7 | 9 |
| 6 | 7 | 9 | 3 | 8 | 5 | 4 | 2 | 1 |
| 1 | 4 | 2 | 6 | 7 | 9 | 5 | 8 | 3 |
| 3 | 5 | 4 | 2 | 9 | 8 | 1 | 6 | 7 |
| 9 | 6 | 1 | 7 | 5 | 3 | 2 | 4 | 8 |
| 2 | 8 | 7 | 4 | 6 | 1 | 9 | 3 | 5 |
| 7 | 9 | 3 | 5 | 4 | 6 | 8 | 1 | 2 |
| 4 | 1 | 8 | 9 | 3 | 2 | 7 | 5 | 6 |
| 5 | 2 | 6 | 8 | 1 | 7 | 3 | 9 | 4 |

Raharaham-pirenena

# Fanamboarana ny Governemanta : Manomboka ny fakan-kevitra

Miandrandra mafy ny fanovana na fanamboarana ny governemanta ny rehetra fa ny fotoana hanatanterahana azy no mbola tsy voafaritra. Ho fanomanana izany, dia efa miroso mijery sy mifampiresaka amin'ny olona isan-tsokajiny ny tomponandraikitra ambony ao andapa ao. Araka ny voalazan'ny loharanom-baovao izay voaray, dia efa manomboka ny fakan-kevitra ho an'ireo olona mety hapetraka ho eo amin'ny toeran'ny minisitra. Tsy mbola fantatra mazava kosa ny tena antsipirihan'izany. Raha tsiahivina, dia ny Filohan'ny Repoblika irery ihany no manana fahefana sy tompon'ny teny farany mikasika ny fanovana na tsia ireo mpikamban'ny governemanta. Ny zava-misy tokoa raha tsiahivina, dia hiatrika fifidianana isika eto Madagasikara amin'ity taona ity. Mila fandraisana fanapahankevitra politika goavana ny fiatrehana izany. Tafiditra ao anatin'izany ny mpitondra izay mieritreritra ny mbola hilatsaka ka tsy maintsy misafidy ireo ekipa hiaraka aminy.

**Governemanta politika**

Raha hisy ihany araka izany ny fanovana na fanamboarana, dia governemanta hirona kokoa amin'ny fanaovana politika no tokony hajoro. Ireo minisitra izay mpikambana ao anatiny, dia tokony efa manana traikefa amin'ny fanaovana politika. Ny fampandaniana ny Filoha amperin'asa no tanjona tokana mantsy no tsy maintsy tratrarina amin'izany raha mbola hilatsaka ny tenany. Ireo mpamakafaka arapolitika, dia efa mihazakazaka amin'ny fivoizana izany hevitra izany, ka mandroso ny tokony hanangana io governamanta politika io. Ny sasany niandry fa tokony tamin'ity tapaky ny volana janoary ity no nanaovana izany saingy tsy tanteraka sy tsy mbola nisy resaka hatramin'izao. Ny hafa indray mihevitra fa mety any amin'ny volana febroary izao raha aloha indrindra ary amin'ny volana marsa izao raha tara indrindra vao mety hanao izany ny Filoham-pirenena. Samy iaraha-mahita eo ihany moa ny zavatra mety hiseho manodidina izany.

**JUDD**

Minisiteran'ny Fampianarana Ambony

# Tafapetraka ny fitoriana ireo toeram-pikarohana misy miditra an-keriny

Nitondra fanazavana sy nanentana ny tompon'andraikitra isan-tokony mba hifanome tanana amin'ny minisitera, amin'ny fiarovana ny tanim-panjakana ny sampandraharaha vokasik'izany, teny amin'ny foiben' ny FO.FI.FA., omaly. Nanamarika ny tale jeneralin'ny fikarohana ara-tsiansa, ny profesora Herinaina Ramanankierana, fa mitombo ireo mibodo amin'ny fomba tsy ara-dalàna ny toerana anaovana fanandramana sy voka-pikarohana. Nomarihiny fa efa tafapetraka eny amin'ny fitsarana ny fitoriana mahakasika ireo fibodoana ireo ary hisy ny fidinana ifotony. Anisan'ny voakasik'izany ny CNARP (Foibem-pirenena momba ny Fikarohana Ampiharina amin'ny Fampandrosoana eny Ambanivohitra), toerana anangonana ny zavamaniry ikarohana fanafody.

**Mahazo tombony koa ny ambaratonga faharoa !**

Toy izany ihany koa ny tanin'i FO.FI.FA. any Mitsinjo Betanimena (faritra Atsimo Andrefana), toerana fanatsarana masomboly sy fampiofanana ary seha-pikarohana ho an'ireo mpianatra amin'ny ambaratonga ambony. Tsy iretsy farany ihany fa anisan'ny mitsidika io toerana io ihany koa ny mpianatra amin'ny ambaratonga faharoa, araka ny fanazavana nomen'ny tale jeneraly, ny profesora Aimé Lala Razafinjara. Ankoatra ireo dia voalaza fa misy miditra an-keriny ihany koa ny toeram-pikarohana sy fanatsarana ny voly "cacao" any Ambanja. Notsiahivin'ny tale jeneraly fa manana ny lazany erantany ny "cacao" eto Madagasikara izay nahazo medaly volamena sy medaly ny volafotsy ary medaly alimo, tamin'ny taon-dasa. Misedra olana toy izany ihany koa ny toeram-pikarohana sy fanatsarana masomboly any Ambatondrazaka. Itsy farany izay iarahan'ny rehetra mahalala fa sompitry vary. Voalaza fa voakasik'izany ihany koa ny Fanalamanga, toeram-pikarohana sy fanandramana any Moramanga ; ny any Bongolava, Itasy, Ivoloina ary nyLac Est (Toamasina).

**V.R.**

Diaspora

# Miketrika ny handraisany anjara amin'ny fifidianana ny fanjakana

Manomboka resahana indray amin'izao fotoana izao ny mety handraisan'ireo Malagasy mpila ravinahitra ny ivelany anjara amin'ny fifidianana hotanterahina eto amin'ny firenena raha nangingina tao anatin'ny volana maromaro. Omaly, nanambara ny Jly Rakotonirina Richard, Minisitry ny Raharaham-bahiny mpisolo toerana fa mbola mitàna ny fampanantenana nataon'ny Filoham-pirenena tamin'ireo Diaspora ireo ny fitondrampanjakana amin'izao fotoana izao. Notsipihany tamin' izany fa efa tenin'ny filoham-pirenena izany ka manao ny fomba rehetra hahafahan'ireo mpiray tanindrazana any ivelany misitraka ny zony amin'ny fifidianana ny mpanatanteraka ankehitriny. Raha tsiahivina, nilaza ny Filoha Andry Rajoelina nandritra ny fihaonany tamin'ireo Diaspora malagasy tao Frantsa sy manerana an'i Eoropa tamin'ny volana aogositra 2021 fa hirosoana ny fandaminana izay handraisan'izy ireo anjara amin' ny fifidianana hatao amin'ity 2023 ity. Manao "carte consulaire" any amin'ny Masoivoho malagasy aloha izy ireo, dia misoratra anarana. Aorian'izay vao afaka mifidy. Etsy andanin'izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa raha tena hiroso amin'ny fampandraisana anjara ireto Malagasy mpila ravinahitra any ivelany ireto ny fitondram-panjakana dia tsy ho azo ihodivirana ny fanovana ny lalàm-pifidianana raha tsy ilaza afa-tsy ny momba ny lisi-pifidianana, izay hatreto dia tsy maintsy eo anivon'ny fokontany no mipetraka; ny birao fandatsaham-bato ary ny fisoratana anarana.

**Mamy R.**

## Tsielatsiela

**Noraisin'ny Filoha Andry Rajoelina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha omaly ireo lehibempiangonana mandrafitra ny FFKM.** Tonga nitondra ny firariantsoa ho an'ny Filohan'ny Repoblika amin' izao taona vaovao izao izy ireo. Nankasikatra manokana ireo mpitarika rehetra eo anivon'ireo fiangonana ny Filoha Andry Rajoelina noho ny finiavan'izy ireo hampanjaka ny firaisankiana sy ny fihavanana. Izao fihaonana izao, dia mampatsiahy ny maha zava-dehibe ny firaisam-pinoana sy ny tsy fisaraham-bazana eo amin'ireo antokom-pinoana misy eto amin-tsika. "*Isika rehetra miray hina no afaka hiaraka hanorina ho avy mamiratra sy feno fiadanana ho an'ity Nosy ity*", hoy ny Filoham-pirenena. **JUDD**

## Marina izany !

### Mampivarahontsana !

**Mivangongo ny olana hovahana eto amin'ny firenena. Raha mbola ny omaly tsy miova, mba tsy hilazana hoe vao mainka miharatsy ny sôsialimbahoaka, vokatry ny fidangan'ny vidim-piainana, ny tsy fandriam-pahalemana, ny disadisa mahakasika tany, ny fahasarotan'ny fitsaboana... mipoitra indray ny fihetsika mamoafady manapotika ny tanora. Mampivarahontsana ny vokatry ny fanadihadiana nataon'ny fikambanana tsy miankina, mahakasika ny kolikoly sy ny fanararaotana ara-nofo eny amin'ny sekoly sy ny anjerimanontolo, teto Analamanga sy tany amin'ny faritr'i Diana ary tany Antsiranana roa taona lasa. Fanadihadiana nitohy tany amin'ny faritr'i Boeny sy Atsimo Andrefana. Mampihoron-koditra satria raha fintinina dia mihoatra ny telopolo isanjaton'ny mpianatra, amin'ireo sokajin-tsekoly voalaza eo ambony ireo no, na iharan'ny fanararaotana ara-nofo na vavolombelon'izany. Manoloana izany dia mampametra-panontaniana ny hoavin'ny tanora, amin'ny ankapobeny sy ny firenena iray manontolo izay miandrandra mafy azy ireny. Teny filamatra ho an'izay nahatsiaro sy niaina tamin'ny Repoblika faharoa ny hoe: «ankizy ankehitrio, mpanangana ny ho avy ». Ireo ho avy ireo mihitsy anefa no misedra olana, noho ny kolikoly amin'ny endriny hafa kely ataon'ny mpampianatra sasantsasany, na ny manampahefana sasany, na ny sokajin'olona hafa afaka manery azy ireo an-kolaka mba hahavitany ny fianarany na hahazoany diplôma na hahafahany mianatra asa sy miasa. Manampy trotraka izany ny resabe manodidina ny fanararaotana ara-nofo, mitranga amin'ny minisitera iray eto an-drenivohitra izay mahavoatonononontonona tale. Olana heverina fa tokony hovahana haingana izany satria sady maharary no mahamenatra !**

Voahangy Rakotozafy



COMMUNIQUÉ DE PRESSE

# UNE FOIS DE PLUS

Telma CERTIFIÉ top EMPLOYER MADAGASIKARA MADAGASCAR 2023 CERTIFIED EXCELLENCE IN EMPLOYEE CONDITIONS



## TELMA MADAGASCAR RECONNU COMME TOP EMPLOYEUR POUR LA 2ÈME ANNÉE CONSECUTIVE

Telma Madagascar, premier opérateur de télécommunications de la Grande île, obtient la certification *« Top Employer 2023 »* à Madagascar du Top Employers Institute. L'obtention de cette certification, reconnue à l'international, pour la 2ème année consécutive confirme la position de Telma en tant qu'employeur de référence à Madagascar.

Les organisations certifiées Top Employers s'engagent à fournir le meilleur environnement de travail possible à leurs collaborateurs à travers des pratiques RH innovantes qui priorisent l'humain.
Le programme du Top Employers Institute certifie les entreprises en fonction de leur participation et de leurs résultats à l'enquête *« HR Best Pratices Survey »*. Cette enquête couvre 6 grands domaines RH, répartis en 20 thématiques telles que la stratégie de gestion des talents, l'environnement de travail, le Talent Acquisition, la formation et le développement des compétences, le bien-être au travail, ou encore la diversité et l'inclusion.

En 2022, Telma a été la première entreprise du Groupe AXIAN à obtenir la certification *« Top Employer »*. Cette nouvelle certification en 2023 illustre parfaitement la continuité dans la stratégie du groupe AXIAN, dont Telma fait partie, qui place les Ressources Humaines parmi ses piliers stratégiques et privilégie l'écoute de ses collaborateurs, en tant que référent en termes d'impact positif sur le quotidien du plus grand nombre.

*« Chez Telma, les collaborateurs représentent des ressources inestimables. Nous sommes conscients qu'ils constituent notre plus grande richesse et notre plus bel investissement. A cet effet, nous accueillons et accompagnons chacun d'entre eux dans leur carrière professionnelle, et contribuons à leur épanouissement personnel.*

*Nous déployons des formations de haut niveau pour les professionnaliser dans tous nos métiers et créons les meilleures conditions de travail pour leur bien-être au quotidien. »* a affirmé Patrick-Pisal Hamida, Administrateur Directeur Général de Telma, avec fierté et conviction.

### A propos du Top Employers Institute

Le Top Employers Institute est l'autorité internationale qui certifie l'excellence des pratiques RH. Il contribue à accélérer l'impact de ces pratiques pour améliorer le monde du travail. Le programme de Certification du Top Employers Institute permet aux organisations participantes d'être validées, certifiées et reconnues comme des employeurs de référence. Créé il y a plus de 30 ans, le programme a certifié et reconnu 2053 Top Employers dans 121 pays à travers cinq continents. Ces Top Employers certifiés ont un impact positif sur les vies de plus de 9,5 millions de collaborateurs à travers le monde.

AXIAN LET'S CONNECT

GCL 403/1-1